# Toriteny- Alahadyfahefatra FIAVIAN'NY TOMPO – TAONA D 2024



***"Nosoavina noho ny vehivavy rehetra ianao; ary nosoavina ny hateraky ny kibonao. " Lioka 1, 42***

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady fahefatra izay alahady mamarana ny fiomanantsika amin’ny fahatongavan'ny Tompo izao, ireo tenin'Andriamanitra dia mampiditra antsika tanteraka amin'ny fankalazana ny Noely dia tsy inona fa Andriamanitra eto anivontsika, ary izay Andriamanitra eto anivontsika izay ny vaovao mahafaly ny Noely ka ny tenin'Andriamanitra manomana ny fo amam-panahintsika fa indrindra moa amin'izao taonan’ny Famonjena ka hahatonga antsika ho Mpivahinin’ny Fanantenana. Jobily izay sokafan’I Papa ny alin’ny Noely fankalazana ny nahaterahan’ny Mpamonjy fa ho antsika eto amin’ny diosezy dia amin’ny alahady fankalazana ny Fianakaviana masina. Fahasoavan-dehibe izany ka izay

VakitenyI : Mik. 5,1 -4a Tononkira : Sal. 79,2ad sy 3b. 15-6.18-195VakitenyII : Heb. 10, 5-10 Evanjely : Lk. 1, 39-45

izany no mahatonga ny Eglizy manomana antsika amin'ny alalan'ireo vakiteny hahay handray an'I Jesoa Famonjena ho antsika, Fanantenantsika, Fihavanantsika. Raha nisy olona nahay nandray an'i Jesoa ary afaka manoro tsara sy mampianatra antsika hahay an'I Jesoa dia Masina Maria. Tsy mahagaga raha atolony antsika ny toetran'i Masina Maria ho tahafintsika.

Vao avy nankalaza ny valo desambra isika tsy ela, izay nampiditra antsika amin'ny taona masina izao, hitantsika fa i Masina Maria dia nentanim-pinoana, nentanim-panantenana, nentanim-pitiavana nandeha namangy an'i Elizabeta rahavaviny. Maro ny Elisabeta amin'izao androntsika izao miandry mba hitondrantsika an'I Jesoa. Miandry hanambarantsika ihany koa ny Vaovao mahafaly. Tsy hoe nisalasala i Masina Maria na tsy natoky ny hafatr'Andriamanitra ka nanara-maso azy nijery ny zava-misy ka nandeha tany amin'ny rahavaviny Elizabeta, tsy izany fa fantany fa tanteraka tokoa ny famonjena ka indro àry izy lasa nanambara ny Vaovao mahafaly, namakivaky ny havoana, namakivaky ny lohasaha nitondra ny Vaovao mahafaly any amin'i Elizabeta ary dia niaraka nidera an'Andriamanitra izy ireo. Fampianarana velona ho antsika izany. NY FAMONJENA MARINA TSY MIKOMBONA FA MANIRAKA HIZARA AZY AMIN'NY MANODIDINA. Azo lazaina fa io ny masontsivana maneho fa tanteraka tokoa ny famonjena. Noely no ankalazaintsika, izany hoe eo anivontsika ny famonjena ary taona masina izao taona idirantsika izao raha eo anivontsika ilay Masina dia Andriamanitra. Izany no atao hoe : Tabernakla velona.

Izany koa no tena vokatry ny fiomanantsika amin'ny fahatongavan'ny Tompo ary izany ihany koa ny fivelomantsika ny Taona masina, isika mamindra fo. Tsy mitsahatra aho ny mamerina an'izay, izany hoe FO vaovao no entintsika amin'ireo manodidina antsika tahaka an'Andriamanitra mamindra fo, tahaka ny Ray mamindra fo dia hamindra fo isika. Izany no dikany hoe "mpivahinin'ny fanantenana….". Maro ny zavatra mahakivy. Maro ny very fanahy mbola velona. Mitondra an'I Jesoa Famonjena isika tahaka an'I Maria ka miova ny fifandraisana na amin'ny zava-boary, na amintsika samy isika na amin'Andriamanitra. Io koa no antenaintsika amin'izao Sinaody izao ka ho fianakaviana, Eglizy kely mifampitsimbina, mifanasoa, mikatsaka ny soa iombonana satria entanin'ny fo vaovao amin'ny famonjena nentin'I Kristy.

Ny fon'Andriamanitra no entin'i Jesoa amin'izao Noely izao ka io fon'Andriamanitra io no manova ny fontsika hanana ny endriky ny fon'Andriamanitra. Tahaka an'i Masina Maria izay novolavolain'ny Fanahy Masina dia hovolavolain'ny Fanahy Masina ihany koa isika, hiova ny fontsika ka hitondra fanantenana, hitondra fitiavana, hizara finoana, hanambara ny hafalian'ny Vaovao mahafaly tahaka ny nataony sy nataon'izy mirahavavy. Amin'izao Noely izao, hiaraka hankalaza ny FAMONJENA isika izay tsy inona fa ny famindrampon'Andriamanitra eo anivontsika. Andriamanitra eo anivontsika. Ka na dia kely aza tahaka an'i Betlehema, hoy Mikea mpaminany, no mipoitra ilay hanjaka amin'Israely, na dia kely sy bitika aza isika araka ny tononkiran'i Masina Maria dia hidiran'Andriamanitra, hanjakan'Andriamanitra, ka raha manjaka ao amin'ny fiainantsika Andriamanitra dia

hitondra hafaliana, hitondra fiadanana, hitondra fanantenana satria miombona amin' Andriamanitra isika ary miombona amin'ny olombelona ary miombona amin’ny zava-boary. Izany ny famonjena nentin’I Kristy. Tsy mikombona fa mivelatra, ary io fivelarana io no manambara fa tanteraka tokoa izany. Izany no atao hoe : Noely. Izany no atao hoe Taona Masina. Tsy resaka na kabary fa fiainana. Ary dia izay ny mahatonga ny mpanoratra ny taratasin'ny Hebrio milaza amintsika hoe : "Indro aho hanao ny sitraponao". Izany tokoa ry Kristianina havana ny toe-panahy tsy maintsy entintsika mankalaza an'izao Noely izao, Noelin'ny Taona masin’ny Famonjena ka hitondra aim-baovao ho antsika.

Inona ny toe-panahy entintsika araka izany ? Dia ilay niainan'i Jesoa tahaka ny voalaza ao amin'ny taratasin'ny Hebrio, raha manana ny toetra maha-Andriamanitra azy tokoa i Jesoa, nataony tsinontsinona izany, nidina farany ambany izy mba hanavotra antsika ary ny fomba nanavotany antsika dia ny nanolorany ny tenany ka nananteraka ny sitrapony.
Ry Kristianina havana, aoka ho tahaka an'i Jesoa isika, aoka ho tahaka an'i Masina Maria izay namaly "Inty aho mpanompovavin'ny Tompo". Isika koa hanao tahaka izany tsy ambava fa eo anivon’ny fiainana hitondra fanantenana ho an’ny olona. Tsy ilainao ny sorona sy fanatitra, tsy ireny no tadiavin'Andriamanitra fa ny fontsika manontolo, ny fontsika atolotsika aminy dia manao ny sitrapony isika. Tsy zavatra ety ivelany izay hitantsika matetika-ny fiomanantsika an'izao Noely izao, tsy ireo zavatra mirentirenty ety ivelany ny amin'ny fiomanantsika ny Noely fa ny fontsika fa indrindra amin'izao taona masin’ny Famonjena izao ary amin’izao isika miatrika ny Sinaoda faha-3 Fijanonana faha-3 izao. Izany ny teny faneva mifanaraka tsara amin’ny maha-mpivahinin’ny fanantenana antsika satria raha mifampitsimbina isika ary mifanasoa mikatsaka ny soa iombonana dia velona ny fanantenana eo amintsika EOV jiaby, isika Olo Araiky, Fratelli Tutti. Ny lalana dia ny fahafoizana sy fanompoana hitantsika ao amin’I Masina Maria. Ka ny fiainantsika no atolotsika an'Andriamanitra àry mba hidiran'Andriamanitra eo anivon’ny fiainantsika. Izany no dikan’ny mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Ampidirintsika amin'ny fiainantsika Andriamanitra, tonga nofo amin'ny fiainantsika tokoa izy, izay ny Noely. Raha tonga nofo amin'ny fiainantsika tokoa ny Noely dia izay ny Vaovao mahafaly, ka tahaka an'i Masina Maria isika hihazakazaka hanambaraan'izay vaovao mahafaly izay, hamakivaky ny havoana, handresy ny fahasahiranana, handresy an'ireo zavatra manahirana, handresy ny fahoriana, handresy ny tahotra, izay ny dikan’ny mamakivaky ny havoana, mamakivaky ny lohasaha. ADY sady DIA ny fiainana, Ady amin'ireny fakam-panahy mitady handrendrika antsika ka hahalavo antsika, amin'ny fiainana tsy manjary, mieritreritra ny fanapotehana, ny lainga, ny fitapitaka rehetra. Ireny no potehintsika fa ajorontsika kosa ary anolorantsika ny tenantsika, anolorantsika ny fontsika, ny fahaizantsika mifampizara ny manta sy ny masaka, mifanao soa, mifanatsara ary dia afaka hankalaza an'Andriamanitra tahaka an'i Masina Maria sy i Masimbavy Elizabeta, hoentanim-pinoana tahaka azy mirahavavy, hifampilaza, hifampidera, hifanao soa fa matetika raha mihaona isika dia mifanaratsy na manaratsy olona na mifosa. Aoka anie mba ho tahaka an'i Masina Maria sy i Masimbavy

Elizabeta isika, hifampizara fahasoavana, hifampizara ny fiainana ao amin'Andriamanitra. Dia izay tokoa ny fiomanana tsara amin'izao Noely izao ka ho tena Mpivahinin'ny Fanantenana mifanasoa sy mifampitsimbina ka mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana lavitra ny fihatsaram-belatsihy.

Ry Jesoa Tompo ô, miantso anay hihavao tokoa amin'izao fiomanana akaiky dia akaiky ny Noely izao ianao, enga anie haka tahaka an'i Masina Maria sy i Masimbavy Elizabeta izahay ka hahay hampahafantatra amin'ny olona rehetra ny hasarobidin'ny fiovana ao aminao, ny hasarobidin'ny fiainana ao aminao ka tena ho Mpivahinin'ny Fanantenana izahay na dia sarotra aza ny fiainana. Enga anie izahay hahazo ny hafaliana tahaka azy ireo ka hifampilaza ny Vaovao mahafaly, hizara an'izay vaovao mahafaly izao. Izahay koa mba hoentanin'ny fitiavanao, ianao izay naniraka an'i Jesoa zanakao lahitokana eto amin'izao tontolo izao hamonjy anay. Ampio tokoa àry izahay ho faly amin'ny fiomanana handray azy, hahay handray ny fahasoavanao ka hanolo-tena, hanolotra ny fo, hanolotra ny vatanay, hanolotra ny fiainanay manontolo, tsy sorona dorana na miredareda ety ivelany no tadiavinao fa fiainam-baovao ao aminao, ka inty izahay hanatanteraka ny sitraponao tahaka an'i Masina Maria. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson